



Tale lefitry ny CEDS (Centre d'étude diplomatique et stratégique) ity manamboninahitra miaramila avy any Atsimo atsinanan'ny Nosy ity, nandalo tao amin'ny ACMIL ("Académie militaire d'Antsirabe")

) toa Thomas Sankara (

"La Patrie ou la mort, nous vaincrons"

). Saingy, indrisy, lavitry ny afo ny kitay...

Efatra taona mahery be izao no nambotrin'ny fitondrana Hvm ilay firenena malagasy. Efatra taona mahery ny vahoakany no niharitra, niandranda fifidiana madio, marina sy andraisan'ny rehetra anjara. Tsy nety anefa ilay filoha Hery raha tsy nikitikitika ny lalàna hafahany mangala-bato ara-dalàna. Tsy misy maha voalaza ny kolikoly avo lenta be nividianana 50 tapitriza ariary (12.000 euros) isany ireo solombavambahoaka nandany izany lalàna tsy nampahafantarana ny vahoaka mpifidy akory, toa ny mahazatra nandritra izay efatra taona mahery izay.

Rehefa nitsangana ary ireo solombavambahoaka miisa 73 (amin'ireo mitontaly 150 satria mbola tsy nisy nandimby Itompokolahy Abdillah), mba hanao tatitra amin'ny vahoaka eo amin'ny Lapan'ny Tanànan'Antananarivo, dia nosakanana ka niafara tamin'ny fitifirana Malagasy. Roa no fantatra fa maty (be noho io isa io no tena marina), maro ireo naratra. **Ny 21 avrily 2018 io vonon'olona io**

nahazoana baiko avy amin'ilay filoha Hery, Lehibe fara-tampon'ny hery mpitam-piadiana, izay nileyf tany ivelany roa andro talohan'io vonon'olona toa tamin'ny 13 May 1972, 10 Aogositra 1991 ary 7 Febroary 2009. Ny harivan'io 21 Avrily io ihany dia nanao fanambarana ny Préfet de police, ny Jeneral Angelot fa najanony ny baiko nomeny hanakanana ny mpitolona (satria efa nisy maty) ho eo amin'ny Lapan'ny Tanànanana izay niverina ho Kianjan'ny 13 May. Ary dia nilaza izy fa tsy afaka mameatra-pialàna izy satria tsy manana lefitra fa miandry ny fotoana handroahana azy izy.

Ny ampitsony Alahady 22 Avrily 2018, mbola tsy nigadona teto an-tanindrazana akory izy dia nanome baiko ny miaramila andrakotra ny araben'ny Fahaleovantena, tsy azoana, na Malagasy iray aza, mandeha eo amin'ny Lapan'ny Tanàna. Nakotakana ho fotoam-pivavahana fanomezam-boninahitra ho an'ireo maritiora voatifitra anefa io Alahady io. Tampoka teo anefa -nolatsahin'ny fanahy masina angaha ireo Lehiben'ireo hery mpitam-piadiana ?-, dia niala sahala amin'ny tsy teo ireo miaramila, zandary ary polisy nandrakotra ny arabe ao Analakely. Tontosa ihany izany ny fanomezam-boninahitra ny maty.

Ny ampitson'io andro io ihany koa dia nanao fanambarana ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena fa tsy natao ho herim-pamoretana ny miaramila, zandary sy polisy ary ny olana politika dia resaka politika ihany no mahavaha azy ka ny asany dia hitandro filaminana sy hiaro ny vahoaka ary ny fananan'izy ireo. Velombolo ny Malagasy iray manontolo izay nangataka ny fialan'i Hery Rajaonarimampianina izay mihosin-drà ny tanàny toan-dRatsiraka sy Ravalomanana nilaza ihany koa fa tsy hiala kanefa samy nandositra niala an'ity Madagasikara ity. Nanomboka ny 23 Avrily 2018 ary dia nizotra am-pilamianana hatrany ny fihetsiketsehina notarihin'ireo Solombavambahoaka 73 ho an'ny Fanovana. Ary dia nitandro ny filaminana sy niaro ny olona sy ny fananany tokoa ireo hery mpitam-piadiana ka nihitatra any amin'ny faritra ny tolona vaovao.

Tsy nanaiky ny heloka bevava, nitranga ny 21 avrily 2018, anefa ingahy filoha Hery teo amin'ny fandraisam-peon'ny Radio France internationale fa toa ny maty indray no voalatsa ary namaivaniny tsy nasiany teny fiononana na iray segondra aza fa izy, hono, ny rain'ny firenena voafidina vahoaka an-tapitrisany. Odoie, hoy ny hira fahiny tsy tontan'ny ela izay...



Ary dia nahazo hery indray ny asan'ny maizina amin'ny alàlan'ny vola. Tsy mila porofoina izany fa jereo manomboka izao ny fomba fiainan-dry zalahy, ny fitondran-tenanyka hipoitra amin'ny

tsy ampoiziny ny marina. Taorian'ny filaharambe tsy nanam-paharoa niseho ny 1 Mey 2018 dia tsy nitana ny teny nomeny ilay Jeneraly be kintana be («*Le Général de Corps d'Armée*») fa dia nanao fanambarana feno fandrahonana tsotra izao.

FANAMBARANA ANY AMINNY MIRANDRO NY FILAMINANA

Ry valoka malagasy mipyre TantaraZana

Sekoly lehibe ho an'ny fanambarana sy dambola. Hobo tsary, mba lhamadendrena na ampihy Riveloka na ampihy Berry na anony loziraha abso ho arivo chompienana rehetra mba hiarany ohatra vokatra mitomboto any ampihy Riveloka no anony ny fanambarana sy hizocahanana izay tsy ho bonhossaona ce n'zoa.

Kosa :

> Marafatsa ampihy lomba hetsira dia horitra ny lehibe'ntoko politika voasaka izao olona politika izao tsy farakavakorona ny ropandro filaminana, mba handary andrahely feno sy makia lacano ampihy vokatra hanovoreana zozoe-drahanaha tsao ao anony ny hizocaha halogena indretova ;

> Marafatsa any mananava tsy ilo toerana sancopoly atsimo ilo fananam-pirenenana, fanana lombonana, foto-draftra ampihy ropandro ny filaminana ary voulafitsa mandroka ho farvarana ampihy mety ho farapatafana sy fandrombe, dia tsy azo hizocaha no ananana ambolona ; tsy minkia manao tsary dia erijehiny audrey faha 91 ka hatramin'ny 101 sy ny audrey faha-327, 328, 329 so ampihy felezen-didana hanovera Malagasy ;

Marafatsa any mafetra ny raha tsy ny fanambarana sy ny fanambarana ny mipyre TantaraZana sy ny ropandro filaminana dia tsy tsy mafetra mafetra manakana ny hizocaha vokatra 2015-07-14 sy 2016 mafetra ny senseren-beavon (code de la communication medias) any faha-ny 91 ka hatramin'ny 101 sy ny audrey faha-327, 328, 329 so ampihy felezen-didana hanovera Malagasy ;

> Marafatsa ta ny fanambarana, na artikola na mivanaora ny oboemponana tsiray ampihy safidy, dia fandimby-danitra vokatry ny audrey faha-10 so ampihy Latin-pirenenana ; tsy tsary tsy ny fanambarana ny fanambarana fotsy ananava ny tsiravy ;

> Marafatsa ny komponente malagasy bokalivo tsy hanytsy tsary hizocaha vokatra ny fanambarana dia ny minisitry ny Fiarovam-pirenena, Jeneraly Rasolofonirina Béni Xavier, izay natrehan'ny minisitry ny Filaminam-bahoaka, Andrianisa Mamy Jean Jacques, Contrôleur général de police, sy ny Sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimariam-pirenena, Jeneraly Randriamahavalisoa R. Girard ankehitriny ary ireo manam-boninahitra ambony maromaro toa amin'ireny tany miady atsy Afrika atsy. Tsy olom-boafidy ireo fa notendren'ny Filohan'ny repoblika izay lehibe faratamponin-dry zareo araka ny lalampanorenena efa maty hasina voahosihosy tanteraka

* HO ANNY TANTARAZANA *

Antanarivo, faha **03.05.2018**

Ny Ministerie ny Fanambarana-Pirenenana

Ny GCA RASOLOFONIRINA Béni Xavier

Ministre

Ministre

Ministre

Ministre

Ny Ministre ny Fanambarana-Bahoaka

Ny CCP ANDRIANISA MAMY JEAN JACQUES

Ministre

Ministre

Ministre

Ny Sekreteram-Panjakana Miadidy

Ny Zandarimariam-Pirenenana

Ny GDF RANDRIAMAHAVALISOA R. GIRARD

Ministre

Ministre

Ministre

Tsara tsipihina an-tsoratra eto, ho an'ny Tantara -satria ny soratra mitoetra- fa ny namaky ny fanambarana dia ny minisitry ny Fiarovam-pirenena, Jeneraly Rasolofonirina Béni Xavier, izay natrehan'ny minisitry ny Filaminam-bahoaka, Andrianisa Mamy Jean Jacques, Contrôleur général de police, sy ny Sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimariam-pirenena, Jeneraly Randriamahavalisoa R. Girard ankehitriny ary ireo manam-boninahitra ambony maromaro toa amin'ireny tany miady atsy Afrika atsy. Tsy olom-boafidy ireo fa notendren'ny Filohan'ny repoblika izay lehibe faratamponin-dry zareo araka ny lalampanorenena efa maty hasina voahosihosy tanteraka

Ka tsotra ny valinteninay mpanao gazety eto aminy madagate, Andriamatoa Jeneraly Béni Xavier Rasolofonirina : ho jeren-tsika eo iza marina no ho tsarain'ny Tantara ? Izahay mpanao gazety mandra-maty ve sa ianareo tenditendrena izay tiana ary roahina izay tiana koa ? Mino ve ianareo fa tsy ho lasa saina ireo miaramila, zandary ary polisy ho baikonareo fa tsy nandray vola amina miliara ianareo, ka firy ny anjarany amin'izany kanefa ry zalahy no hamono mpiray

tanindrazana satria tadinareo tampoka teo ireo lalàna notanisaina amina feo mira mompera ireo? Eto dia averiko fa ny manao soa tsy mba mahafaty antoka, fa *ny manao ratsy* ho enjehin' *ny*

nataony ary ny hery tsy hahaleo ny fanahy na oviana na oviana. Efa resy ny tahotra eo amin'ireo Malagasy an-tapitrisa nampahantrana tao anatin'izay efatra taona izay.

Manomboka eto izany dia tsy ny mpanao kolikoly, tsy ny mpivarotra tanindrazana sy ny dahalo ambony latabatra izany ny fahavalonareo hery mpitam-piadiana malagasy fa ny vahoaka tsy mandady harona tsy mahalala izay lalàna akory ary ny olo-marina eto amin'ny firenena sy ny mpanao gazety efa amam-polo taonany toa anay. Mazava ka alefaso ary ka firy ny ho gadraina sy ho vonoina indray vao ho tonga saina fa tsy voavidy vola ny fahafatesana ?Tsy vao ianareo ireo anie no nanao io ramatahora io e!? Nitondra aizy nankaiza ny "*Tsy hiala aho!*", nizingizin'i Didier Ratsiraka, ny taona 1991? Ahoana tokoa moa no niafaran'ny tranon'ny Jeneralyy Tsaranazy, ny taona 2002, ary nitondra an'i Marc Ravalomanana aiza ny

"*tsapao aloha ny herinareo vao mitsapa ny aty*"

, ny taona 2009? Niditra amin'ny kilaodaoka ianareo sady vonona hamono olona satria hoe manaja lalàna. Misy, tompokolahy isany ny hoe

"*crimes de sang*"

sy

"*génocide*"

enjehin'ny lalàna iraisam-pirenena. Ka mba haontanio ihany ny mpitsara Marcel Ranjeva e! lo mantsy ny zavatra hitranga satria tsy ho voafehinareo ireo miaramila ambany grady toa ireo Frs nitifitra anay mpianatra ny 13 Mey 1972. Inona anefa no niafaran'i Philibert Tsiranana? Ny maty maty izy nitsingidina tamin'ny toerany nefo voafidy 98% mahery ny volana Janoary 1972.

Mibaribary fa tsy mahalala ny Tantaran'i Madagasikara ianareo nomena galona be ireo fa jamba tanteraka amin'ireo vola adala tompon'ny 13 Mey 1972. Tompon'ny baotry sy ny basy maro vava ianareo fa tsy ho tompon'ny fahefana velively! An'ny vahoaka ny fahefana araka ny savaranonandon'ny Lalampanorenana malagasy hoe:

Préambule.

Le peuple malagasy souverain (Ny vahoaka malagasy andriamanjaka) ,

Affirmant sa croyance à Andriamanitra Andriananahary (Mibaribary fa tsy matahotra an'Andriamanitra ianareo be kintana ireo ary tsy mino koa fa ny tody tsy misy fa ny atao ihany no miverina. Ny fehiny: vonoy daholo izay manelingelina an'i Hery sy Voahangy Mivady fa efa nanozon-tena ianareo ireo ary hanangatra ny maty tsy hampatory anareo ary tsy hiy fainana hilamina hatramin'ny taranakareo fara aman-dimby. Raha tsy izao dia mifoana sy mamerim-bola. Mbola tsy tara...

Raha ny vola no maha rangaha, ny fanahy kosa no maha olona. Safidy io. Fa io fanambarana nataonareo io dia vao mainka hampitombo ny alahelom-bahoaka ary hampiakatra ny atezerany. Sa izay ilay tadiavina hafahana handripaka azy? Dia avy eo? Satria hisy foana ny avy eo rehefa tsy eo intsony Hery sy Voahangy Mivady fa dila any... andilambato. Avelao y maty maty ihany fa baiko no notanterahina dia hifona? Ity lahatsoratra ity dia natao tsy hanadinoina indrindra ny adalana be nanaonareo omaly 2 Mey 2018, toa mpitsara nanameloka ho faty ny Tanindrazana iombonana iray manontolo, avela horobain'ny vahiny be vola be.

Jeannot Ramambazafy - Antananarivo, 3 Mey 2018

^^^^^^^^^^^^^^^^^

Hadihady

INONA NO VAOVAO

Alakamisy 3 Mey 2018

Io indray ilay ramatahora !

Rehefa nanomboka nihanafana ny hetsi - bahoaka tarihin' ireo Depoten' ny fanovana dia may volontratra ny Fitondrana Hvm ary nampiteny ireo herim - pamoretana indray. Fandrahonana ranofotsiny niampy ramatahora ho an' ireo Depoten' ny fanovana sy ny mpanao gazety ary ireo vahoaka tonga manoina ny tolona no votocatin' izany teny nataon' ny herim - pamoretana izany. Tena tsy zakan' ny Fitondrana Hvm mihtisy mantsy ny antsika fanetramaham - pielanana ho an' ingahy Rajonarimampianina Hery sy ireo ministra eo anivon' ny Governmentant' i Mahafaly Olivier nataon' ireo Depoten' ny fanovana. Hany herin' izy ireo dia manao ramatahora. Zary fanafenana ny hafatra tian' ireo lehiben' ny mpitandro filaminana [Polisy, Zandary, Miramila] ampitaina mantsy ny filazan' ireo hoe : « manainra ireo lehiben' ny antoko politika voekasik' izao olana izao ny fianakaviamben' ny mpitandro filaminana mba handray andraikitra feno sy maika ianareo amin' ny aronika handravonana izao toe - draharaoha izao... ». Ny vahoalana anefa dia mazava fa ny filan' ny Filohampirenenana ary ny aorian' izay dia efa voafaniry ny Lalampanorenana ny fandaminana azy. Ny Filohampirenena fotot' izao olana izao anefa dia tsy nasiän' ireo tomponandriky ny mpitandro filaminana ireo fa ireo Depote 73 mitondra ny hetahetam - bahoaka indray no norahonana tamin' ny alalan' ilay fanembarana. Tsy ireo Depote ihany fa ireo vahoaka mpomba izany sy ny mpanao gazety mpitatitra ny vaovao manodidina izany no nanaovani' ny lehiben' ny mpitandro filaminana ramatahora. Vao mainka anefa hitondra ny firenena any amin' ny krzy lalindalina kokoa ity fanambarana nataon' ny mpitandro filaminana ity. Mienrika fanampenam - bava sy fikasana hampiese hery mantsy ny votocatin' ilay fanambarana fa tsy fikatsehena vahoalana. Izany hoe : efa nahafaty olona ny mpitandro filaminana tamin' ny 21 avrily lasa teo dia mbola hikendry handatsak' aina indray raha manohy ny tolona izay natombony ireo Depote 73 ireo. Rajonarimampianina anefa no fototry ny olana. Na indraim - bava aza anefa tsy nanisy resaka izany mihtisy ireo lehiben' ny mpitandro filaminana ireo. Eo anatrehan' izany dia mila madiri - tena ianareo mpitandro filaminana ireo fa mitady heverin - dalana amin' ny dingana efa nataonareo noho ny fitiavian - tenan' ny mpitondra efa halam - bahoaka.

Andriamanintona